

## Hamarino

DecentWorkCheck Madagascar dia vokatry ny WageIndicator.org sy  
<http://www.votresalaire.org/Madagascar>

midika fa ny fitsipika nasionaly dia OK



midika fa ny fitsipika nasionaly dia tsy OK

01/12	Asa sy Karama	S/O	ENY	TSIA
1	Izaho dia mandray fara-fahakeliny 577,00 Ar isan'ora (mpiasa tsy miasa amin'ny sehatry ny fambolena) Izaho dia mandray fara-fahakeliny 507,20 Ar isan'ora (mpiasa amin'ny sehatry ny fambolena)		<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
2	Voaraiko ara-dalàna ny karamako. <i>(Isan'andro, Isa-kerinandro, isaky ny dimy ambin'ny folo andro)</i>		<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
3	Izaho dia mandray tambin-karama isaky ny manao ora ambony ampanga aho <i>(Ny tahan'ny ora iasana ambony ampanga dia ambony raha mihoatra ny 173 ora isam-bolana ny asanao)</i>		<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
4	Isaky ny miasa alina aho dia mandray tambin-karama ambony ho an'ny asa alina		<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
02/12	Andro fitsaharana isan-taona sy asa andro tsy fiasana	S/O	ENY	TSIA
5	Firy herinandro hitsaharana isan-taona ka handraisana-karama no zo azonao ?* <i>Tokony hahazo 30 andro fitsaharana isan-taona handraisana-karama raha mahavita 12 volana fiasana tsy mitapa</i>		1 herinandro <input type="checkbox"/> 2 herinandro <input type="checkbox"/> 3 herinandro <input type="checkbox"/> 4 herinandro + <input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
6	Mandray karama aho amin'ny andro tsy fiasana (ofisialy sy ara-pinoana)		<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
7	Izaho dia mahazo fialan-tsasatra isa-kerinandro fara-fahakeliny iray andro (isany hoe 24 ora) isa-kerinandro		<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
8	Mahazo andro fitsaharana ho honitra aho raha tsy maintsy miasa amin'ny andro tsy fiasana na andro fialan-tsasatra isan-kerinandro		<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
9	Izaho dia mandray tambin-karama fotsiny isaky ny miasa aho ny andro fialan-tsasatra isa-kerinandro na andro tsy fiasana		<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
03/12	Fiarovana ny fiasana	S/O	ENY	TSIA
10	Nahazo fanambarana an-tsoratra momba ny antsipirian'ny fampiasana aho eo ampanombohana ny asako		<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
11	Ny mpampiasako tsy maka mpiasa ho amin'ny fifanekena asa voafe-potoana ho an'ny anjara asa <i>Asio marika ny "TSIA" raha maka mpiasa amin'ny anjara asa maharitra ny mpampiasanao</i>		<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
12	Ny fe-potoana fitsapana ahy dia mitovy na mihoatry ny 6 volana		<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
13	Ny mpampiasa ahy dia manome fampandrenesana araka ny rariny alohan'ny hanapahany ny fifanekena asa eo aminay (na mandoa vola solon'ny fampandrenesana)		<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
14	Ny mpampiasa ahy dia mandrotsaka tambim-pandroahana raha sendra fampitsaharana ny <i>Ny tambim-pandroahana dia harotsaka raha sendra fitsaharan'ny fampiasana avy amin'ny mpampiasa noho ny antony hafa tsy mifandraika amin'ny fahadisoany lehibe sy ny fahaiza-manao. Ny taha dia voafaritra araka ny voalaza ao anaty fifanarahana</i>		<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
04/12	Andraikitra ara-pianakaviana - Raha miseho	S/O	ENY	TSIA
15	Ny mpampiasako dia manome andro fitsaharana aloha vola ho an'ny ray vao tera-bao <i>Io andro fitsaharana io dia atokana ho an'ny ray/sakaizany vao tera-bao</i>		<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
16	Ny mpampiasako dia manome andro fitsaharana maha-ray aman-dreny (andoavan-karama na <i>Io andro fitsaharana io dia homena raha sendra tapitra ny andro fitsaharana amin'ny maha-reny na ray vao tera-bao. Afaka raisin'ray amin'izy ireo izany na izy roa miaraka mifanesy.</i>		<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
17	Ny ora fiasako dia malefaka ihany hampifandraisana ny asa sy ny andraikitra ara-pianakaviana <i>Amin'ny alalan'ny safidy toy ny fe-potoan'asa tsy feno na tsy manontolo na fotoana hafa malefaka</i>		<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>

<b>05/12 Fitondrana vohoka eo amin'ny toeram-piasana - Raha mitranga</b>	<b>S/O</b>	<b>ENY</b>	<b>TSIA</b>
18 Izaho dia misitraka fitsaboana ara-pahasalamana maimaim-poana mialoha sy aorian'ny fiterahana	☺	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
19 Mandritra ny fitondrahana vohoka, izaho dia mahazo alalana tsy ho voaray amin'ny fiovana ekipa alina (asa alina) na asa mampidi-doza	☺	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
20 Ny andro fitsaharana amin'ny maha-bevohoka dia maharitra 14 herinandro farafahakeliny	☺	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
21 Mandritra ny andro fitsaharako amin'ny maha-bevohoka, mandray farafahakeliny 2/3 n'ny karama teo	☺	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
22 Izaho dia voaharo amin'ny fandroahana mpiasa mandritry ny fitondrana vohoka <i>Ny mpiasa vehivavy dia afaka voaroaka amin'ny asa nohon'ny antony tsisy hifandraisana amin'ny maha-bevohoka, toy ny fitondra-tena na ny fahaiza-manao</i>	☺	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
23 Izaho dia manan-jo miandraikitra ny asa natao teo aloha na sahala rehefa miverina aorian'ny fe-potoana fitsaharana amin'ny fitondrana vohoka.	☺	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
24 Ny mpampiasako dia manome fiatoana amin'ny asa hampinoana ny zaza, mandritry ny ora fiasana	☺	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
<b>06/12 Fahasalamana sy Fiarovana eo amin'ny toeram-piasana</b>	<b>S/O</b>	<b>ENY</b>	<b>TSIA</b>
25 Ny mpampiasako dia miantoka ny fiarovana sy fahadiovana eo amin'ny toeram-piasana	☺	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
26 Ny mpampiasako dia manolotra maimaim-poana fitaovana fiarovana, anisa'izany ny fanamina na akanjo fiarovana.	☺	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
27 Ny mpampiasako dia manome fiofanana ny mpiasa araka ny tokony ho izy mahakasika ny fahasalamana sy ny fiarovana ary mihy mba hahalala ireo loza mifandraika amin'ny asa ary ireo karazana lalana fivoahana raha sendra loza.	☺	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
28 Ny mpanaramaso ny asa dia manao fitsidihana ny toeram-piasako farafahakeliny indray mandeha isan-taona mba hanaraha-maso ny fanarahan-dalana eo amin'ny toeram-piasana	☺	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
<b>07/12 Tolotra fiahina mikasika ny fahasalamana &amp; loza amin'ny asa</b>	<b>S/O</b>	<b>ENY</b>	<b>TSIA</b>
29 Ny mpampiasako dia manome andro fitsaharana amin'ny aretina handovan-karama ary izaho dia mandray farafahakeliny 45 % n'ny karamako mandritry ny 6 volana voalohan'ny aretina	☺	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
30 Izaho dia mahazo fitsaboana ara-pahasalamana maimaim-poana mandritry ny faharariana sy loza ateraky ny asa.	☺	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
31 Ny fiarovana ny asako dia voantoka mandritry ny fe-potoana 6 volana voalohany amin'ny faharariako	☺	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
32 Izaho dia misitraka tambin-karama araky ny tokony ho izy raha sendra loza noho ny asa/ratra na aretina nohon'ny asa.	☺	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
<b>08/12 Fiahiana ara-tsosialy</b>	<b>S/O</b>	<b>ENY</b>	<b>TSIA</b>
33 Manan-jo amin'ny vola fisotron-dronono aho rehefa mihoatra ny 60 taona	☺	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
34 Amin'ny fahafatesako, amin'ny maha-mpiasa ahy, ny mpahazo ny zò avy amiko/ireo velona dia misitraka ireo tolotra na fanampiana tokony ho azo	☺	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
35 Izaho dia mandray fanomezam-bola nohon'ny tsy fananan'asa ateraky ny fahaverezan'ny asako	☹	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
36 Mahazo tolotra fiahina tsy fahafahana miasa aho raha sendra tsy afaka mitady vola ho an'ny fiainako nohon'ny faharariana, ratra na loza tsy arak'asa.	☺	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>

09/12	Fitondrana mitovy eo amin'ny asa	S/O	ENY	TSIA
37	Ny mpampiasako dia mitandro ny fitoviana eo amin'ny fanomezana karama ho an'ny asa mitovy/sahala (asa mitovy) tsy misy fanavakavahana	😊	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
38	Ny mpampiasako dia mandray fepetra hentitra manoloana ny sotasota ara-nofo eo amin'ny toeram-piasana	😊	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
39	Mahazo tombotsoa aho amin'ny fitondrana tsy mitanila raha misy tranga manamora ny fahazoana asa (fandraisana mpiasa, fisondrotana eo amin'ny asa, fifindran-toerana, tsy misy fanavakavahana), mitoetra amin'ny :*	😊	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
i	Ny maha-lahy na maha-vavy	😊	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
ii	Ny firazanana	😞	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
iii	Ny lokom-bolon-koditra	😊	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
iv	Ny finoana	😊	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
v	Ny firehana politika	😊	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
vi	Ny niterahana/toerana niterahana	😊	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
vii	Fiaviana/Foko ara-tsosialy	😊	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
viii	Andraikitra sahanina ara-pianakaviana/Toe-java misy ara-pianakaviana	😞	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
ix	Taona	😊	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
x	Tsy fahafahana miasa/VIH-SIDA	😞	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
xi	Ny maha-mpikambana syndikaly sy ny hetsika mifandraika aminy	😊	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
40	Izaho, amin'ny maha-vehivavy, dia afaka miasa eo anivon'ny orinasa hiasan'ny lehilahy <i>Tsy misy fomba fijery mitoetra amin'ny maha-lahy na maha-vavy</i>	😞	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>

10/12	Fampiasana ankizy	S/O	ENY	TSIA
41	Voarara ny fiasan'ny ankizy latsaky ny 15 taona eo amin'ny toeram-piasako <i>Ny taona ambany voafetra hiasana dia 15 taona.</i>	😊	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
42	Eo amin'ny toeram-piasako, ny ankizy latsaky ny 18 taona dia tsy ampiasaina amin'ny asa atahorana hitera-doza <i>Ny taona farany ambany ahafahana manao ny asa mitera-doza dia 18 taona</i>	😊	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>

11/12	Asa anterivozona	S/O	ENY	TSIA
43	Manan-jò hampiato ny asako aho an-tsitram-po na aorian'ny fampandrenesana	😊	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
44	Ny mpampiasako dia tsy mamela ny toeram-piasana hisian'ny asa an-terivozona na	😊	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
45	Rehefa manao ora ambony ampanga aho, miasa 20 ora fanampiny na ambony ampanga fotsiny isaky ny herinandro ary manaraka ny ora ara-dalàna	😞	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>

12/12	Zo sendikà	S/O	ENY	TSIA
46	Manana sendikà aho eo amin'ny toeram-piasako	😊	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
47	Izaho dia manan-jò hiditra ho mpikambana anaty syndikaly eo amin'ny toeram-piasako	😊	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
48	Ny mpampiasako dia manome alalana ny fifampiraharaha iombonana eo amin'ny toeram-piasako	😊	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>
49	Afaka miaro aho, miaraka amin'ny mpiara-miasa, ny tombotsoa ara-tsosialy sy ekonomika amin'ny alalan'ny fitokonana tsy misy fanahina fanavakavahana.	😊	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>

\* Ho an'ny naoty mifameno marina tsy isalasalana amin'ny fanontaniana faha-39, tokony mamaly "ENY" ianao farafahakeliny miasa 6 amin'ireo safidy ireo.

## Valiny

Ny totalin'isa azonao manokana dia maneho fa ny mpampiasanao dia manaja tsara ny lalàna sy fitsipika nasionaly momba ny asa. Mba ahafahanao mikajy ny isa azonao amin'ny DecentWorkCheck, tokony mahazo isa 1 ianao isaky ny valiny ENY voamarika. Rehefa vita dia hampitahao amin'ireto totalin'isa eto ambany ireto.

ny totalin'ny "ENY" azonao.

*Madagasikara dia mahazo 40 isa "ENY" amin'ny fanontaniana miisa 49 mifandraika amin'ny Fenitra iraisam-pirenena momba ny Asa.*

### Raha ny totalin'isa azonao anelanelan'ny 1 sy 18

Tsy azo inoana io totalin'isa io! Mahafantatra ve ny mpampiasanao fa efa miaina ao anatin'ny taonjato faha-21 isika? Takio ny zònao. Raha ahitana syndika mavitrika na rafitra mpisolotena eo amin'ny toeram-piasanao, midirà ho mpikambana ary mangatahà fanampiana.

### Raha ny totalin'isa azonao anelanelan'ny 19 sy 38

Araka ny hitanao, mbola misy fanatsarana mihoatra afaka atao. Saingy, aoka tsy indray vahàna daholo ny olana amin'ny fotoana indray mandeha. Hatombo amin'ny tranga tena mamparary. Mandritra izany, hampahafantaro amin'ny syndika misy anao na amin'ny WageIndicator ny zava-mitranga, mba ahafahany manampy amin'ny fanatsarana izany. Mandefasa mailaka amin'ny adiresy [www.votresalaire.org/Madagascar/home/Contact](http://www.votresalaire.org/Madagascar/home/Contact), aoka ho mazava tsara amin'ny fitarainana, ary raha azo atao soraty ny anaran'ny mpampiasa anao. Ary koa, ataovy izay hamantarana fa ny orinasa misy anao dia mpikambana ofisialy anaty sata (code) antsoina hoe "Responsabilité sociale des entreprises" na (Andraikitra ara-tsosialin'ny orinasa). Raha mpikambana izy, tokony hanàja farafahakeliny ny fenitry ny OIT. Raha mbola tsy mpikambana amin'izany sata izany ny orinasa dia tokony hanao izany. Maro ireo orinasa no efa mpikambana ankehitriny. Afaka resahinao eo anivon'ny orinasa izany.

### Raha ny totalin'isa azonao anelanelan'ny 39 sy 50

Lavitry ny tontolo mitera-doza ianao. Ny mpampiasanao dia manaja tsara ny ankamaroan'ny lalàna sy fitsipika mifehy ny asa misy. Saingy, mbola misy fanatsarana afaka tanterahina. Noho izany, rehefa hiresaka amin'ny mpitantana ny orinasa ianao amin'ny manaraka, momba ny fepetra mikasika ny asa, homano tsara ary zahao ity DecentWorkCheck ity, mba hanampy anao ara-kevitra.

# DECENTWORKCHECK.ORG

## 01/12 Asa sy Karama

### Lalàna mifandraika amin'ny asa sy karama :

Lalàna laharana faha-2003-044 tamin'ny 28 jolay 2004 anaovana ny Fehezandalàna momba ny asa

Didim-panjakana laharana faha-2013- 476, mametra ny mari-karama sy karama farany ambany eo ampandrisana mpiasa sy araka ny fahelana arak'asa isaky ny sokajin'asa

### Karama farany ambany

Ny karama farany ambany amin'ny seha-pihariana tsy fambolena hatramin'ny martsa 2013 dia 623, 199Ar isan'ora sy 108.019Ar isam-bolana. Izany dia karama ho an'ireo mpiasa tsy ampy fahalalàna. Ho an'ireo mpiasa manana fahalalàna, ireo taha ambony dia afaka hampiharina. Ny karama farany ambany ho an'ny mpiasa tsy ampy fahalalàna dia 547,6Ar isan'ora sy 109,520 isam-bolana.

### Karama tsy miovaova

Ny Fehezandalàna momba ny asa 2003 dia mametra ny fandoavana karama ho an'ny sokajin'ny mpiasa rehetra. Eto Madagasikara, ny karama farany ambany dia voakajy araka ny taha isan'andro. Voatery ny mpampiasa tsy maintsy handoa ara-potoana ny karama ho an'ny mpiasa.

- Ho an'ny mpiasa karamaina isan'andro na isan-kerinandro, ny karama dia tsy maintsy efaina amin'ny elanelam-potoana tsy miovaova latsaky ny 8 andro

- Ho an'ny mpiasa karamaina isa-tapabolana, ny elanelam-potoana fandoavan-karama dia tsy tokony hihoatra ny 20 andro

- Ho an'ny mpiasa mandray vola isam-bolana, ny karama dia tsy maintsy efaina farafahatran'ny 8 andro manaraka ny faran'ny volana nitsahina nahazoana zo amin'ny karama

Na izany aza, ny karama rehetra dia tsy maintsy efaina manontolo amin'ny vola manankery ara-dalàna. Izany hoe ny lalàna dia tsy mametra ny fandoavana karama tsy atao lelavola. (And. 62, 63)

### Tambin-karama ho an'ny ora ambony ampanga

Voalaza mazava ao amin'ny andininy 75 amin'ny Fehezandalàna momba ny asa, ny ora fiasana rehetra ho an'ny karazana mpiasa rehetra dia ferana tsy hihoatra 173 ora isam-bolana. Ny tahan'ny tambin-karama ho an'ny ora ambony ampanga dia voafetra amin'ny alalan'ny hitsim-panjakana mikasika ny fitsipika mametra ny ora ambony ampanga. Ho an'ny 8 ora voalohany amin'ny ora ambony ampanga, ny mpiasa dia efaina 130% amin'ny karamany ara-dalàna, saingy ho an'ny ora ambony ampanga mihoatra ny 8 ora, ny lahy/ny vavy dia mandray 150% amin'ny tahan'ny karama ara-dalàna.

### Tambin-karama ho an'ny asa alina

Araka ny didim-panjakana mametra ny ora ambony ampanga, ny asa alina tsy miovaova dia efaina amin'ny taha 130 % amin'ny karama ara-dalàna, saingy ho an'ny asa alina indraindray, ny mpiasa dia mandray ny taha 150 % amin'ny karama ara-dalàna.

## 02/12 Fialan-tsasatra isan-taona, fialan-tsasatra isan-kerinandro sy andro tsy fiasana

### Fitsipika mifehy ny asa sy ny fialan-tsasatra

Lalàna laharana faha-2003-044 tamin'ny 28 jolay 2004 anaovana ny Fehezandalàna momba ny asa

Didim-panjakana laharana faha-68-172 tamin'ny 18 avril 1968 mikasika ny fitsipika mifehy ny ora fiasana ambony ampanga sy mametra ny t

### Fialan-tsasatra handraisan-karama/fialan-tsasatra isan-taona

fahakeliny 30 andro fiasana rehefa aorian'ny 12 volana feno niasana tsy misy fiantoana (and. 86). Ny mpiasa lahy na vavy dia mandray ampaha-roambinifolon'ny fialan-tsasatra isan-taona alohan'ny handehanana amin'ny fialan-tsasatra isan-taona. Ny mpampiasa sy ny mpiasa dia mila mifandamina tsara mikasika ny fotoana hialan-tsasatra. Ny fialan-tsasatra dia afaka hangonina mandritra ny telo taona. Ny fialan-tsasatra dia azo tsinjaraina, saingy fotsiny raha mihoatra ny roa herinandro. Ny ampaham-pialan-tsasatra voalohany maharitra dimy ambin'ny folo (15) andro dia tsy maintsy alaina mandritra ny telo (3) volana manaraka ny nisokafan'ny zo hahazo fialan-tsasatra. Ny ampaham-pialan-tsasatra faharoa dia azo alaina alohan'ny faran'ny taona diavina, na angonina mandritra ny telo taona. (And. 86-89 anaty Lalàna momba ny Asa)

### Karama amin'ny andro tsy fiasana

Ny mpiasa dia manana zô tsy hiasana amin'ny andro fety nefa handraisan-karama (ara-panjakana na fivavahana) (and. 81). Ny andro fety dia hambaran'ny Fanjakana Malagasy amin'ny fiandohan'ny taona (amin'ny ankapobeny miisa 13). Ny andro tsy fiasana fa andraisan-karama dia voafehin'ny didim-panjakana. Ireo dia : Andro voalohan'ny Taona (1 janoary), Andro Iraisam-pirenena ho an'ny Vehivavy (8 martsa), Alahady sy Alatsinain'ny Paska, Fankalazana ny Fihetsehana 1947 (29 martsa), Fetin'ny Asa (1 may), Alakamisy Fiakarana, Alahady sy Alatsinainy Pantekoty, Fetin'ny Fahaleovan-tena (26 jiona), Fiakaran'ny Masina Maria, Fetin'ny Olomasina (1 novambra) sy Noely (25 desambra). (Didim-panjakana laharana faha-2006-002 tamin'ny 3 janoary 2006, mametra ireo lisitry ny andro tsy hiasana fa handraisa-karama ho an'ny taona 2006)

**Fakana aina isan-kerinandro**

Ny mpiasa dia manana zò 1 andro hakana aina isan-kerinandro (24 ora misesy farafahakeliny) (and. 80). Ny andro hakana aina isan-kerinandro dia matetika isan'alahady. Tsy misy fitsipi-dalàna manokana milaza mazava fa ny mpiasa dia manana zò hahazo iray andro hakana aina ho onitra raha tokony hiasa izy ny asabotsy sy alahady.

**Fialan-tsasatra ho onitra/Andro fakana aina**

Ny mpiasa miserana voafetra ara-potoana na araka ny fisehoan-javatra dia mety afaka antsoina hiasa ny andro fety/andro tsy fiasana. Ny Lalàna dia tsy manambara fa tokony hisy fialan-tsasatra ho onitry ny andro niasana. Mitovy amin'izany, ny Lalàn'ny asa dia mangina amin'ny andro haka aina ho fanonerana raha antsoina ny mpiasa hiasa mandritra ny faran'ny herinandro/andro hakana aina isan-kerinandro.

**Tambin-karama amin'ny fiasana ny faran'ny herinandro/andro tsy fiasana**

Raha antsoina hiasa ny mpiasa ny andro fakana aina isan-kerinandro, manan-jò handray tambin-karama amin'ny taha 140% amin'ny karama ara-dalàna. Raha miasa ny andro tsy fiasana ny mpiasa lahy na vavy, dia mandray ny taha 150% amin'ny karama ara-dalàna.

**03/12 | Aro loza mikasika ny fiasana****Fitsipika mifehy ny fepetra mikasika ny asa**

Lalàna laharana faha-2003-044 tamin'ny 28 jolay 2004 anaovana ny Fehezandalàna momba ny asa

**Fanambarana an-tsoratra ny antsipirian'ny fiasana**

Ny Fehezandalàna momba ny asa malagasy mitaky fa ny fifanekena momba ny asa dia raiketina an-tsoratra ary ny fanamabarana an-tsoratra ny antsipirian'ny asa fampiasana dia tsy maintsy homena ny mpiasa lahy/vavy ao anatin'ny roa volana hiatombohan'ny fampiasana, milaza mazava ny andraikitra sahanina, ny karama, ny sokajin'asa, ny daty ara-dalàna mampanankery ny fifanekena momba ny asa. (And.6, Lalàna momba ny Asa)

**Fifanekena momba ny asa voafe-potoana**

Ny Lalàna momba ny Asa malagasy dia mandràra ny fandraisana mpiasa manana fifanekena momba ny asa voafe-potoana hanao asa miendrika maharitra. Ny fifanarahana arak'asa dia mety ho mandritra ny fotoana voafetra sy tsy voafetra. Ny fifanekena momba ny asa voafe-potoana dia fifanekena voafaritra mandritra ny fotoana hanaovana azy amin'ny alalan'ny fisian'ny fet'andro ifanarahan'ny roa tonta na mifandrohy amin'ny trangan-javatra izay azo antoka ny mety isehoany any aoriana na dia tsy miankina amin'ny nahim-pon'ny andaniny. Ny fifanekena momba ny asa voafe-potoana dia tsy tokony hihoatra ny roa taona. Ireo asa hiantefan'ny fifanekena arak'asa voafe-potoana dia tsy tokony ho tafiditra ao anatin'ireo hetsika ara-dalàna ataon'ny orinasa. Ny fifanekena arak'asa voafe-potoana farafahakeliny enim-bolana dia mivadika avy hatrany ho fifanekena arak'asa tsy voafetra aorian'ny fanavaozana indroa. Ny famerenana indray ny fandraisana mpiasa eo amin'ny toerany izay nahazoana fifanekena arak'asa voafe-potoana, izay nisy fijanonana tsy mihoatra ny iray volana dia midika fa fanavaozana ny fifanekena arak'asa. Ny fifanekena arak'asa voafe-potoana izay amin'ny farany ny mpiasa dia manohy ny asa hatrany dia midika fa raikitra ho tsy voafetra ny asa ny fifanarahana arak'asa. (And.8-9, Lalàna momba ny Asa)

**Fe-potoana fitsapana**

Ny Fehezandalàna momba ny asa mitaky fa ny fe-potoana fitsapana dia tsy mihoatra ny 6 volana; azo havaozina indray mandeha (and.36). Io fe-potoana dia voafetra araka ny fifanarahana iombonana, toy izao :

- 3 volana ho an'ny mpiasa avo lenta sy ny "cols bleus" tsy manam-pahalalàna feno ary ny mpiasa "cols blancs" tsy manana andraikitra ara-pitantanana (sokajy 1,2,3).
- 4 volana ho an'ny injinera, ny mpiasa lahy/vavy manana andraikitra fanaraha-maso na fitantanana (sokajy 4)
- 6 volana ho an'ny tompon'andraikitra ambony (sokajy 5).

**Fitakiana ny fampandresena mialoha**

Ny lalàna momba ny asa mitaky ny fampandresena mialoha ny fampitsaharana ny fampiasana alohan'ny fanapahana tanteraka ny asa ampiandraiketana ny mpiasa lahy/vavy. Ny fifanekena momba ny asa dia afaka tapahiana amin'ny fotoana rehetra avy amin'ny andaniny na ankilany fa ilaina fampandresena voasotra mialoha ho an'ny ankilany (and. 21). Ny faharetan'ny fampandresena dia miankina amin'ny faharetan'ny fotoana niasa ary miova araka ny sokajin'ny mpiasa."Ny fifanekena momba ny asa dia tsy azo tapahina raha sendra mihantona noho ireto antony ireo : (i) fikatonan'ny toeram-piasana ; (ii) raharaha miaramila voatery ; (iii) tsy fiasana raha sendra aretina voamarina ara-dalàna sy (iv) mandritra ny fotoana tsy iasan'ny reny na ray raha sendra raha marary na miditra hopitaly ny ankizy. (and. 13)

**Tambin-pandehana**

Ny lalàna dia maneho ny fisian'ny tambin-pandehana/fandroahana. Saingy, voafetra manokana izany ho an'ny fandroahana nohon'ny antony ara-toekarena. Ny mpiasa norohaina noho ny antony ara-toekarena dia manana zò hahazo tambin-pandroahana kajiana ho karama 10 andro isaky ny taona 1 feno niasana teo amin'ny orinasa. Ny lalàna dia manambara fa misy fetran'ny tambin-pandroahana ka tokony 6 volana, izany hoe ny mpiasa iray dia tsy tokony handray tambin-pandroahana mihoatra ny enim-bolana (And. 27)

**04/12 Andraikitra ara-pianakaviana****Fitsipika mikasika ny mpiasa manana andraikitra ara-pianakaviana**

Lalàna laharana faha-2003-044 tamin'ny 28 jolay 2004 anaovana ny Fehezandalàna momba ny asa

**Fialan-tsasatra ny ray tera-bao**

Ny lalàna na ny fifanarahana iombonana dia tsy ahitana fitsipika manokana mikasika ny fialan-tsasatra ho an'ny ray aman-dreny handoavan-karama na tsia. Saingy, ny Fehezandalàna momba ny asa maneho fa manana 10 andro isan-taona ho fialan-tsasatra rehefa misy zava-miseho ara-pianakaviana. (And. 87)

**Fialan-tsasatra amin'ny maha-ray aman-dreny**

Ny lalàna dia tsy ahitana andinin-dalàna manokana mikasika ny fialan-tsasatra amin'ny maha-ray aman-dreny handovana karama na tsia

**Safidy asa malefaka ho an'ny mpiasa manana ankizy tsy ampy taona na zava-miseho ara-pianakaviana hafa.**

Ny lalàna dia tsy ahitana andinin-dalàna manokana miahny ny fifandajana eo amin'ny asa/fianana ho an'ny ray aman-dreny na mpiasa manana andraikitra ara-pianakaviana.

**Fitsipika mikasina ny fitondrana vohoka sy ny asa :**

Lalàna laharana faha-2003-044 tamin'ny 28 jolay 2004 anaovana ny Fehezandalàna momba ny asa

**Fitsaboana ara-pahasalamana maimaim-poana**

Ny mpiasa vehivavy manana fiantohana dia mahazo famerenam-bola amin'ny fandaniana mikasika ny fitsaboana ara-pahasalamana mandritra ny fitondrana vohoka sy eo am-piterahana, hatramin'ny 5 000 ariary

**Tsy fisian'ny asa mitera-doza**

Ny vehivavy mitondra vohoka dia tsy azo apetraka amin'ny andraikitra mihoatra ny tanjany, mety hiteraka loza na, araka ny endriky ny asa sy ny fepetra tokony hanatanterahina izany, mety hisy fiatraikany ara-moraly. (And. 93 sy Didim-panjakana mikasika ny fepetra momba ny asa ho an'ny vehivavy mitondra vohoka)



**05/12 | Fitondrana vohoka sy asa**

(pejy farany)

**Fitsipika mifehy ny fepetra mikasika ny asa**

Lalàna laharana faha-2003-044 tamin'ny 28 jolay 2004 anaovana ny Fehezandalàna momba ny asa  
Lalàna momba ny Fiahiana Sosialy, 1969

**Fialan-tsasatra amin'ny fitondrana vohoka**

Ny mpiasa vehivavy dia manana zò 14 herinandro (98 andro) ho fialan-tsasatra amin'ny fitondrana vohoka ary mandray karama feno. Ny fialan-tsasatra noho ny fitondrana vohoka dia afaka hitarina telo (3) herinandro amboniny raha sendra faharariana mifandraika amin'ny vohoka na fiterahana (And. 97). 8 herinandro ho fialan-tsasatra noho ny fitondrana vohoka no homena ny vehivavy aorin'ny fiterahany. (And.97, Lalàna momba ny Asa)

**Karama**

Ny fialan-tsasatra amin'ny fitondrana vohoka dia homena miaraka amin'ny karama feno. 50 % n'ny karama dia haloan'ny mpampiasa ary ny 50 % sisa dia harotsakin'ny Tahirim-pirenena momba ny fiahiana sosialy na CNaPS. (And. 97, Lalàna momba ny Asa; And. 158, Lalàna momba ny Fiahiana Sosialy)

**Fiarovana manoloana ireo fandroahana**

Ny Fehezandalàna momba ny asa mandrara ny fandroahana ny mpiasa vehivavy (mandritra ny fitondrana vohoka sy fialan-tsasatra amin'ny fitondrana vohoka) ary mandika izany ho fandroahana tsy ara-dalàna (And. 95)

**Zò miverina amin'ny asa niandraiketana teo aloha**

Ny lalàna dia tsy ahitana andinin-dalàna manokana manome alalana ny mpiasa vehivavy hanana zò miverina amin'ny asa niandraiketany teo aloha aorian'ny fahazoana ny fialan-tsasatra fitondrana vohoka, saingy, fantatra fa ny Lalàna momba ny Asa dia mandrara ny fandroahana mpiasa vehivavy mandritra ny fitondrana vohoka sy ny fialan-tsasatra noho ny vohoka, midika izany fa zo ho an'ny mpiasa vehivavy ny miverina amin'ny toerana niasany teo aloha na dia tsy voatonona aza.

**Fihatoana fohy fampinonoana ho an'ny reny miasa**

Ny reny tera-bao manana zò amin'ny fiatohana fohy hampinonoana ka handraisana-karama mandritra ny ora iray (raha betsaka) hatramin'ny faha-15 volan'ny zaza (And. 98)

**06/12 Fahasalamana sy aro loza amin'ny asa****Fitsipika momba ny fahasalamana sy ny asa :**

Lalàna laharana faha-2003-044 tamin'ny 28 jolay 2004 anaovana ny Fehezandalàna momba ny Asa

**Hetsika ataon'ny mpampiasa**

Araka ny voalaza mazava ao amin'ny andininy 112 sy 113 amin'ny Fehezandalàna momba ny asa voalaza etsy ambony, voatery ny mpampiasa hiantoka ny fahasalamana, ny aro loza sy ny fetezan'ny fahafahana miaina tsara ho an'ny olona eo amin'ny toeram-piasana ary hitandro ny fiarovana sy ny fahadiovana ny toeram-piasana.

**Fiarovana maimaim-poana**

Araka ny voalaza mazava ao amin'ny Fehezandalàna momba ny asa, ny mpampiasa tokony hanome maimaim-poana kojakoja fiarovana, anisan'izany ny akanjo ho an'ny mpiasa mba hiarovana azy amin'ireo karazana loza mety hitranga eo amin'ny toeram-piasana, indrindra ny VIH/SIDA (And. 110).

**Fiofanana**

Araka ny voalaza mazava ao amin'ny Fehezandalàna momba ny asa, ny mpampiasa dia tokony hampahafantatra ny torohevitra, ny fiofanana sy ny fanaraha-maso ilaina, mba hitandremana ny fahasalamana sy aro loza ho an'ny mpiasa eo aminy (And. 120-123).

**Fomba fisafoana ny Asa**

Ny Fehezandalàna momba ny asa dia manana andinin-dalàna mametra ny fomba fisafoana ny asa izay manana fahaleovan-tena sy tanjaka eo amin'ny firenena (And. 200-208).

**07/12 Asa sv aretina****Fitsipika mikasika ny asa sy ny aretina :**

Lalàna laharana faha-2003-044 tamin'ny 28 jolay 2004 anaovana ny Fehezandalàna momba ny Asa

**Fialan-tsasatra noho ny aretina handraisa-karama**

Ny Fehezandalàna manambara fa 6 volana ny fialan-tsasatra vokatry ny aretina ka handraisa-karama. (And. 13)

**Fiarovana ny fiasana mandritra ny aretina**

Araka ny voalaza mazava amin'ny andininy faha-13 ao amin'ny Fehezandalàna momba ny asa, ny mpampiasa tsy manana alalana handroaka ny mpiasa lahy/vavy mandritra ny 6 volana voalohan'ny aretina.

**Fitsaboana ara-pahasalamana**

Misy ireo tolotra ara-pahasalamana ho an'ny mpiasa manana fiantohana ary tafiditra amin'izany ny fandaniana amin'ny fidirana hopitaly, ny fanafody, ny fitaterana, ny famerenana ny fanazarana.

**Fiantohana tsy fahafahana miasa/Loza vokatry ny asa**

Ny loza vokatry ny asa dia azo sokajiana efatra : (i) tsy fahafahana miasa tanteraka; (ii) tsy fahafahana miasa amin'ny ampahany maharitra; (iii) tsy fahafahana miasa miserana; sy (iv) ratra mahafaty mety hiteraka fahafatesan'ilay mpiasa.

Raha sendra tsy fahafahana miasa tanteraka maharitra, ny totalin'ny tambiny harotsaka dia 100% n'ny salan'isan'ny karama raisin'ny mpiasa mahazo fiantohana mandritra ny 12 volana tsy fahafahana miasa.

Raha sendra tsy fahafahana miasa amin'ny ampahany maharitra, ny totalin'ny tambiny harotsaka dia miankina amin'ny halehiben'ny tsy fahafahana miasa nokajiana. Raha ny tsy fahafahana miasa voakajy fa latsaky ny 10%, ny fiahiana sosialy harotsaka dia ankapobatina. Ireo tambim-bola amin'ny tsy fahafahana miasa amin'ny ampahany sy manontolo dia afaka havadika amin'ny ampahany ho fiahiana ankapobatina aorian'ny fandraisana fisotron-dronono mandritra ny 3 taona. Ambonin'izany, ny fisotron-dronono dia harotsaka tsy miovaova isaky ny telo volana.

Raha sendra tsy fahafahana miasa miserana, ny tolotra fiahina isan'andro homena dia ny taha 66,7% n'ny vola miditra isan'andro eo amin'ny mpiasa mandritra ny volana farany nitsahina. Ny fisotron-dronono dia harotsaka ho an'ny 28 andro voalohany amin'ny tsy fahafahana miasa miserana. Ny fandoavam-bola dia hefaina mandra-pahasitrana tanteraka eo amin'ny mpiasa na fanamarinana ny tsy fahafahana miasa maharitra.

Raha sendra ratra mahafaty, ireo olona hiandraiketana (maty vady/zaza tsy ampy taona/ray aman-dreny) dia mandray ny fisotron-dronono ho an'ny velona. Ny maty vady lahy/vavy mandray 30 % n'ny fisotron-dronono isam-bolana izay noraisin'ny mpiasa maty na tokony nananany zò ny fahazoana izany. Ny fisotron-dronono ny maty vady lahy/vavy dia tapaka raha misy fanambadiana vaovao. Ny zaza maty ray aman-dreny dia mandray 15 % n'ny fisotron-dronono. Mijanona tsy mandray io fisotron-dronono io izy rehefa feno 15 taona. Misy ihany koa ny karazana fisotron-dronono ho an'ny ray aman-dreny na raibe sy renibe hiandraiketana (10%-30% n'ny fisotron-dronono ho an'ny olona iray miantoka ray aman-dreny na raibe na renibe).

**08/12 Fiahina ara-tsosialy****Fitsipika mikasika ny fiahiana ara-tsosialy :**

Didim-panjakana Laharana. 69-145 tamin'ny 8 aprily, mikasika ny Fehezandalàna amin'ny Fiantohana Sosialy

Lalàna Laharana. 94-026 tamin'ny 17 novambra, mikasika ny Fehezandalàna mikasika ny fiarovana Sosialy

**Zò amin'ny fisotron-dronono**

Ny Fehezandalàna mikasika ny fiarovana ara-tsosialy mametra ny fisotron-dronono manontolo na ampahany. Ho an'ny fisotron-dronono manontolo, takiana ny fahatratrarana ny faha-60 taona (55 taona ho an'ny vehivavy), arahina fizakana ny zò mandritra 15 taona farafahakeliny, ao anatin'izany ny 28 in-telovolana nandoavana ny latsakemboka mandritra ny 10 taona teo aloha. Ho an'ny fisotron-dronono amin'ny ampahany, ny mpiasa tokony hizaka ny zòny farafahakeliny 100 in-telovolana (lehilahy) na 80 in-telovolana (vehivavy). Raha sendra tsy mahafeno ireo fepetra mikasika ny fisotron-dronono manontolo na ampahany ireo ny mpiasa, misy ihany koa ny karazana fandoavam-bola firaisan-kina; saingy ireo mpiasa niasa nandritra ny fe-potoana 1964-1968 ihany no voakasik'izany.

**Fisotron-dronono ho an'ny olona hiandraiketana/Olona velona**

Ireo lalàna voalaza etsy ambony dia mametra ny fahazoana fisotron-dronono ho an'ny olona velona (anisan'izany ireo olona hiandraiketana, ny maty vady lahy/vavy, ny ankizy). Ny mpiasa nindaosin'ny fahafatesana dia tokony nizàka ny fisotron-dronono na feno 55 taona farafahakeliny (50 taona ho an'ny vehivavy) ary efa nahafeno ireo fepetra fandoavana latsakemboka ho an'ny fisotron-dronono. Ny fisotron-dronono ho an'ny velona dia harotsaka isaky ny telo volana. Ny mpiasa maty vady lahy/vacy dia mandray 30% n'ny fisotron-dronon'ny mpiasa nahazo fiantohana ary ny mpiasa lahy/vavy nahazo fisotron-dronono dia mandray ny 15% ihany. Ireo ankizy kamboty dia manana zò handray ny fisotron-dronono ho an'ny velona. Ny fisotron-dronono ho an'ny velona dia tapaka rehefa miroso amin'ny fanambadiana vaovao (ho an'ny lahy/vavy maty vady na ho an'ny ankizy feno 15/22 taona ho an'ireo olona manana fahasembanana sy ny mpianatra (ho an'ny kamboty).

**08/12 Fiarovana ara-tsosialy**

(pejy farany)

**Fitsipika mikasika ny fiarovana ara-tsosialy :**

Didim-panjakana laharana faha-69-145 tamin'ny 8 aprily, mikasika ny Fehezandalàna momba ny fiahina ara-tsosialy Lalàna faha-94-026 tamin'ny 17 novambra mikasika ny Fehezandalàna momba ny fiarovana ara-tsosialy

**Tambim-bola amin'ny tsy fananan'asa**

Ny lalàna tsy ahitana mihitsy andinin-dalàna mikasika ny fiantohana sy ny fandoavam-bola nohon'ny tsy fananan'asa.

**Tolotra nohon'ny tsy fahafahana miasa**

Ireo lalàna voalaza etsy ambony milaza ny fisian'ireo tolotra fiahina nohon'ny tsy fahafahana miasa raha sendra loza/ratra/aretina vokatry ny asa ka mitarika tsy fahafahana miasa maharitra. Ny mpiasa tsy maintsy feno 55 taona farafahakeliny (lahy) na 50 taona (vavy) ary arahina fahaverezana farafahakeliny 60% n'ny fahafahana miasa sy farafahakeliny 10 taona nizakàna ny zo fiahina, tafiditra amin'izany ny 28 in-telovolana nandritra ny 10 taona teo aloha. Ny tolotra fiahina nohon'ny tsy fahafahana miasa dia 80% n'ny fisotron-dronono. Misy koa ny karazana tolotra fanampininy ho an'ireo olona hiandraiketana.

**09/12 Fikarakarana tsy mitanila amin'ny asa****Fitsipika mikasika ny fikarakarana tsy mitanila amin'ny asa :**

Lalàna laharana faha-2003-044 tamin'ny 28 jolay 2004 anaovana ny Fehezandalàna momba ny Asa Lalàm-panorenana'i Repoblika faha-IV (11 desambra 2010)  
Lalàna momba ny Fanamelohana tamin'ny 17 jiona 1972, navaozina i

**Karama mitovy**

Araka ny voalaza mazava amin'ny and. 53 ao amin'ny Fehezandalàna momba ny asa, ny mpiasa manana zò handray karama mitovy ho an'ny asa mitovy, tsy miankina amin'ny fiavina, volon-koditra, fiavina ara-piterahana, fiavina ara-pirenena, na lahy na vavy, taona, fikambanana sendikà, firehan-kevitra, sata ara-tsosialy.

**Sotasota ara-nofo eo amin'ny toeram-pirenena**

Araka ny voalaza marina amin'ny andininy 5, 23 et 261 amin'ny Fehezandalàna momba ny asa, ny sotasota ara-nofo miàtra amin'ny mpiasa dia voasokajy ho heloka ahazoana sazy. N'iza n'iza mitaky amin'ny olona iray tombotsoa manokana ara-nofo alohan'ny hanomeza asa, fisondrotana, fankasitrahana, fanomezam-boninahitra, na tombotsoa hafa na fanapahan-kevitra mahaso, dia henjehin'ny lalàna sy voasazy an-tranomaizina iray hatramin'ny telo taona sy mandoa honitra 5 000 000 hatramin'ny 20 000 000 Iraimbilanja. N'iza n'iza manao fampitahorana fanasazina, fanasaziana miatraika avy hatrany na tery lehibe mba ahafahana mitarika olona iray eo ambany fifehezany hanome tombotsoa manokana ara-nofo na hamaliana faty ny olona iray izay tsy mankasitraka izany tombotsoa izany dia voasazy roa hatramin'ny dimy taona an-tranomaizina sy honitra 10 000 000 hatramin'ny 50 000 000 Iraimbilanja (And- 333-bis, Lalàna momba ny Fanamelohana)

**Tsy fanavakavahana**

Araka ny voalaza mazava amin'ny andininy 5 sy 261 amin'ny Fehezandalàna momba ny asa, tsy misy olona tokony hiharan'ny fanavakavahana avy amin'ny mpampiasa (n'ionon'ionona endriky ny asa) noho ny fomba fijery, na firazanana, fivavahana, fiaviana ara-pirenena, lahy na vavy, maha-mpikambana sendikà sy firehana politika. Ny fanavakavahana noho ireo antony ireo dia midika fa heloka ahazoana sazy. Ny Lalàm-panorenana dia mandràra ny fanavakavahana araka izao fomba filaza izao : "tsy misy olona tokony hiharam-pahavoazana amin'ny asany nohon'ny maha lahy na vavy, ny taona, ny finoana, ny fomba fisainana, ny fiaviana, ny maha-mpikambana sendika na firehana politika" (and.28). "Ny Lalàna dia mampiseho ny zotom-po ankapobeny. Mitovy izany ho an'ny rehetra, miaro, mandidy na manasazy. Ny olona tsirairay dia mitovy zò sy mizàka ny fahalalahana fototra mitovy izay arovan'ny lalàna, tsy misy fanavakavahana mifototra amin'ny maha lahy na vavy, ny fari-pahaizana, ny harena, ny fiaviana, ny finoana na foto-pisainana. Ny lalàna dia mandrisika ny fitoviana amin'ny fahazoana na fandraisana anjaran'ny vehivavy sy ny lehilahy amin'ny asam-panjakana sy ny andraikitra amin'ny fiainana ara-politika, ekonomika sy sosialy". (And.6)

**Zò eo amin'ny asa**

Ny vehivavy dia tsy afaka miasa ao amin'ny indostria mitovy hiasan'ny lehilahy. Misy ny famerana mba hiarovana ny vehivavy amin'ny asa alina (and.85). Ireo asa voarara tsy ataon'ny vehivavy dia voafarit'ireo didim-panjakana nolanina aorian'ny fakàna ny heviny ny Filankevim-pirenena momba ny asa. (And. 93)

### **Fitsipika mifehy ny fampiasana ankizy :**

Lalàna laharana faha-2003-044 tamin'ny 28 jolay 2004 anaovana ny Fehezandalàna momba ny asa Lalàm-panorenan'i Repoblika faha-IV (11 desambra 2010)

Didim-panjakana laharana faha-2007-563 tamin'ny 3 jolay 2007 momba ny fampiasana ankizy

### **Ankizy latsaky ny 15 taona**

Araka ny voalaza mazava amin'ny Fehezandalàna momba ny asa, ny ankizy latsaky ny 15 taona dia tsy azo ampiasaina. Io taona farany ambany io dia tsy tokony ho latsaky ny taona hiafaran'ny fampianarana voafetra. Ny ankizy dia tsy afaka ampiasaina amin'ny orinasa, na dia mianatr'asa aza, alohan'ny dimy ambin'ny folo taona (15 taona) ka tsy ahazoana alalana avy amin'ny Mpiadidy ny Asa, ary voafetra fa ny asa dia tsy hisy fiantraikany ratsy eo amin'ny fahasalamana sy ny fitomboany araka ny tokony ho izy (And.100). Ny ankizy feno 15 taona no miakatra dia afaka hampiasaina hanatanteraka asa maivana. Sokajiana ho asa maivana ny :

- ny asa tsy mihoatra ny zakan'ny heriny;
- ny asa tsy atahorana hitera-doza
- ny asa mety tsy atahorana hanimba ny fahasalamana na ny fivelarany ara-batana, ara-tsaina, ara-pisainana, ara-moraly na ara-piaraha-monina. (And. 2, Didim-panjakana laharana faha-2007-563 tamin'ny 3 jolay 2007)

### **Fe-taona farafahakeliny amin'ny asa mampitato loza**

Ny taona farafahakeliny amin'ny asa mitera-doza dia 18 taona. Tsy azo ampiasaina mihoatra ny adiny valo tsy miato isan'andro ary tsy mihoatra ny efapolo ora isan-kerinandro ny zaza tsy ampy taona sy ny mpianatr'asa latsaky ny valo ambin'ny folo taona na lahy izy na vavy. Ny asa alina sy ny ora ambony ampanga dia tsy azon'ny ankizy atao ambara-pahafeno azy valo ambin'ny folo taona. Ny zaza miasa dia tsy maintsy omena fotoana hakàna aina mandritra ny roa ambin'ny folo ora misesy isan'andro. (And. 101-102, Lalàna momba ny Asa). Ny ankizy latsaky ny 18 taona, lahy na vavy, dia tsy azo ampiasaina amin'ny asa tsy maotina, ny asa mihoatra izay zakan'ny ny heriny, ny asa anterivozona sy ireo asa mampidi-doza sy maloto manimba fahasalamana. (And. 10-22, Didim-panjakana laharana faha-2007-563 tamin'ny 3 jolay 2007)

**11/12 Asa anterivozona/fanompoana****Fitsipika mikasika ny asa anterivozona :**

Lalàna laharana faha-2003-044 tamin'ny 28 jolay 2004 anaovana ny Fehezandalàna momba ny asa Lalàm-panorenana'i Repoblika faha-IV (11 desambra 2010)

Didim-panjakana laharana faha-2007-563 tamin'ny 3 jolay 2007 momba ny fampiasana ankizy

**Asa anterivozona**

Ny Lalàna dia mandràra ny asa anterivozona na didian-katao. Midika ho heloka ahazoana sazy izany (And. 4, Lalàna momba ny Asa). Ny asa an-terivozona na an-terisetra amin'ny endriny rehetra dia voarara, toy ny varotra sy fanondranana ankizy, ny fanaovana azy ho antobola handoavana trosam-pianakaviana, ny fanandevozana, ny fandraofana an-terisetra ny ankizy hampiasaina amin'ny fifandonana mitampiadiana. (And. 15, Didim-panjakana laharana faha-2007-563 tamin'ny 3 jolay 2007 momba ny fampiasana ankizy)

**Fahafahana miova asa na miala amin'ny asa**

Ny mpiasa dia manana zò hiova asa aorian'ny fampandrenesana ara-dalàna homena ny mpampiasa.

**12/12 Lalàna sendikà****Fitsipika mikasika ny zò sendikà :**

Lalàna laharana faha-2003-044 tamin'ny 28 jolay 2004 anaovana ny Fehezandalàna momba ny asa Lalàm-panorenana'i Repoblika faha-IV (11 desambra 2010)

**Fahafahana mamorona fikambanana sendikà**

Ny Lalàm-panorenana sy ny Fehezandalàna momba ny asa maneho ny fahafahana mikambana ary manome alalana ny mpiasa sy ny mpampiasa hiditra ho mpikambana amin'ny sendika (And. 136-7, Fehezandalàna momba ny Asa). Ny Lalàm-panorenana koa manohana ny fahafahana mikambana : "Ny Fanjakana dia manaiky ny zò n'ny mpiasa tsirairay hiaro ny tombotsoany amin'ny alalan'ny hetsika sendikaly, indrindra ny fahalalahana hamorona sendikà. Ny fidirana ho mpikambana sendikà dia malalaka" (And. 31)

**Fahafahana amin'ny fifampiraharana iombonana**

Ny Fehezandalàna momba ny asa (And. 173) dia manome alalana ny mpiasa lahy na vavy handray anjara amin'ny fifampiraharana iombonana amin'ny alalan'ireo solontenany. Ny Lalàm-panorenana dia ahitana andinin-dalàna mitovy amin'izany : "Ny mpiasa tsirairay dia manana zò handray anjara, amin'ny alalan'ireo solontenany, amin'ny famolavolana ny fitsipika sy fepetra iasana" (And. 32)

**Fahafahana mitokona**

Ny lalàna dia mankatò ny zò amin'ny fitokonanana izay hamafisin'ny Lalàm-panorenana. Saingy, misy ny lisitra lava dia lava mitanisa ireo servisy manafoana io zò io. "Ny zò hitokona dia ekena raha tsy manohintohina amin'ny fampandehanana ny asam-panjakana na ny tombotsoa ambonin'ny Firenena. Ireo fepetra hafa amin'ny fampiharana io zò io dia voafaritry ny lalàna" (And. 33, Lalàm-panorenana)

# DECENTWORKCHECK.ORG

## 01/12 Asa sy Karama

### **Fifanarahanan'ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny asa mikasika ny asa sy karama :**

*Karama farany ambany : Fifanarahana 131 (1970)*

*Karama tsy miovaova & fiarovana ny karama : Fifanarahana 95 (1949) sy 117(1962)*

*Fanonerana ambon'ny ora : Fifanarahana 01 (1919)*

### **Madagasikara nankatò ny Fifanarahana 095 sy 117.**

#### **Karama farany ambany**

Ny karama farany ambany dia tokony hiantoka ny fahefa-mividy ampy ho an'ny mpiasa lahy/vavy sy ny fianakaviany. Ankoatr'izany, tokony hifandraika tsara amin'ny sandan'ny karama raisina amin'ny ankapobeny sy ny sandan'ny fiainana eo amin'ireo sokajin'olona ara-tsosialy hafa.

#### **Karama tsy miovaova**

Ny karama rehetra tokony haloa amin'ny fotoana tsy miovaova.

#### **Tambin-karama ho an'ny ora ambony ampanga**

Ny ora ambony ampanga dia tokony tsy atao. Isaky ny tsy azo ihoarana ny ora ambony ampanga, ny tambin-karama amboniny dia mitoetra - farafahakeliny ny karama isan'ora fototra miampy ireo tambin-karama rehetra fanampiny izay tokony hanana zò. Araka ny voalaza marina ao anaty Fifanarahana 1 n'ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny asa, ny tahan'ny tambin-karama ho an'ny ora ambony ampanga dia tsy tokony ambanin'iray ampahaefany (125%)n' ny taha tsy miovaova.

## 02/12 Fialan-tsasatra isan-taona, fialan-tsasatra isan-kerinandro sy andro tsy fiasana

### **Ireo Fifanarahan'ny Fikambanana iraisam-pirenena momba ny asa mikasika ny fakana aina isan-kerinandro sy fialan-tsasatra**

*Fifanarahana 132 (1970) mikasika ny fialan-tsasatra handraisa-karama*

*Fifanarahana 14(1921), 47 (1935) sy 106 (1957) mikasika ny andro fakana aina isan-kerinandro. Ankoatr'izany, ho an'ny ankamaroan'ny seha-pihariana samihafa dia mihàtra ny Fifanarahana*

### **Madagasikara nankatò ireo Fifanarahana 14 sy 132.**

#### **Fialan-tsasatra handraisan-karama**

Ny mpiasa manana zò farafahakeliny 21 andro misesy ho fialan-tsasatra isan-taona handraisa-karama. Ny andro tsy fiasana sy ny fety ara-pivavahana tsy tafiditra anatin'izany. Ireo Fifanarahana iombonana dia tsy maintsy maneho farafahakeliny indray andro hanaovana fialan-tsasatra isan-taona handraisan-karama feno isaky ny 17 andro izay niasan'ny mpiasa na tokony handovan-karama.

#### **Andro tsy fiasana handraisan-karama**

Tokony hanana zò ianao amin'ny fialan-tsasatra handraisa-karama mandritra ny andro fety nasionaly sy ofisialy fantatra.

#### **Andro fakana aina isan-kerinandro**

Ny mpiasa dia manana zò hahazo fe-potoana hakana aina farafahakeliny 24 ora mifanesy isaky ny fe-potoana 7 andro, izany hoe herinandro.

#### **Fialan-tsasatra fanoneranana**

Raha miasa mandritra ny andro tsy fiasana nasionaly/fety ara-pivavahana na andro fakana aina isan-kerinandro, tokony manana zò ianao handray fanoneranana. Tsy voatery ny herinandro izay nodiavina, saingy rehefa tsy very fotsiny ny zò amin'ny fandoavana ny fanoneranana tsy ho very.

#### **Tambin-karama amin'ny fiasana ny faran'ny herinandro/Andro tsy fiasana**

Raha toa miasa mandritra ny faran'ny herinandro ianao, tokony hanana zò ianao hanana fotoana hakana aina mandritra ny 24 ora tsy mitapaka. Tsy voatery mandritra ny faran'ny herinandro, fa farafahakeliny ny herinandro manaraka. Mitovy amin'izany, raha toa tsy maintsy miasa ny andro tsy fiasana, tokony hisitraka fotoana hakana aina ho fanoneranana. Ny tahan'ny karama ambony indrindra amin'ny fiasana amin'ny andro tsy fiasana na fakana aina isan-kerinandro tsy mandrava ny zònao hahazo indray andro hialan-tsasatra/hakana aina.

**03/12 Sécurité de l'emploi****Fifanarahana ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny asa mikasika ny fanapahana ny asa**

Fifanarahana 158 (1982) mikasika ny fanapahana ny asa

**Madagasikara tsy mbola nankatò ny Fifanarahana 158**

Ireo fanontaniana amin'ity fizarana ity dia mandrefy ny fiarovana na koa ny fahamorana na fahosan'ny fifandraisana eo amin'ny asa. Na dia tsy voalaza mazava ao anaty Fifanarahana ireo fanontaniana (tambin-karama fandehanana sy fitakiana ny fampandrenesana dia voalaza ao anatin'ny Fifanarahana laharana-158 momba ny fandroahana), saingy ireo fomba mahomby amin'io sehatra io, dia mitaky fa ny mpiasa dia mahazo fifanekena momba ny asa an-tsoratra; ireo mpiasa manana fifanekena momba ny asa voafe-potoana dia tsy tokony hampiasaina amin'ny karazana andraikitra arak'asa maharitra; ny fe-potoana tsara amin'ny fitsapana (araka ny tokony ho isy latsaky ny 6 volana) dia afaka arahina mba hahafahana manombana ny kalitao tadiavin'ny mpiasa; ny fotoana fampandrenesana tokony hazava ao anatin'ny fifanekena momba ny asa alohan'ny fampandehanana ny fifandraisana momba ny asa; ary ny mpiasa dia tokony handray tambin-pandroahana amin'ny fanapahana ny fifandraisana momba ny asa.

**Fanamabarana an-tsoratra ny antsipirian'ny asa**

Ny fifanekena momba ny asa dia afaka atao am-bava na an-tsoratra; saingy ny mpiasa dia tokony hahazo fanambarana an-tsoratra mikasika ny antsipirian'ny fiasana eo am-panombohan'ny fiasana.

**Fifanekena momba ny asa voafe-potoana ho an'ny andraikitra arak'asa maharitra**

Ireo mpiasa manana fifanekena momba ny asa voafe-potoana dia tsy tokony hampiasaina hiasa amin'ny andraikitra arak'asa maharitra satria mitarika ny fahosan'ny fiasana izany.

**Fe-potoana fitsapana**

Tokony hisy fe-potoana fitsapana homena ny mpiasa ahafahany mahazo fahaiza-manao vaovao. Ny mpiasa vaovao noraisina afaka rohaina mandritra ny fe-potoana fitsapana, tsy mitarika voka-dratsy.

**Fitakiana ny fampandrenesana**

Ny fotoana ara-dalàna fampandrenesana, araka ny faharetan'ny servisy ataon'ny mpiasa, dia afaka takiana mialohan'ny fanapahan'ny mpampiasa ny fifandraisana arak'asa.

**Tambin-karama fandroahana**

Ireo mpampiasa dia afaka terena handrotsaka tambin-karama fialàna amin'ny fanapahana ny fampiasana (noho ny antony fandroahana na antony hafa, raha tsy hoe tsy fahampian'ny fahaiza-manao na fahadisoana tafahoatra).

**04/12 Andraikitra ara-pianakaviana****Fifanarahana ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny asa mikasika ny andraikitra ara-pianakaviana :**

*Fifanarahana 156 : Fifanarahana mikasika ny Mpiasa manana andraikitra ara-pianakaviana (1981).*

*Toro-marika 165 : Mpiasa manana andraikitra ara-pianakaviana (1981)*

**Madagasikara tsy mbola nankatò ny Fifanarahana 156.****Fialan-tsasatra ny ray tera-bao**

Milaza ny ray tera-bao manodidina ny fotoana nahaterahan'ny zaza ary mandritra ny fotoana fohy amin'ny ankapobeny.

**Fialan-tsasatra amin'ny maha-ray aman-dreny**

Ny toro-marika (Laharana. 165) mifandraika amin'ny Fifanarahana ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Asa mikasika ny Andraikitra ara-pianakaviana maneho ny fisian'ny fialan-tsasatra amin'ny maha-ray aman-dreny toy ny safidy fialan-tsasatra lava afaka raisin'iray amin'ireo ray aman-dreny (handraisan-karama na tsia) tsy hametram-pialàna amin'ny asa. Ny fialan-tsasatra amin'ny maha-ray aman-dreny dia raisina amin'ny ankapobeny raha sendra tapitra ny fialan-tsasatra amin'ny maha-ray na reny tera-bao. Ho an'ny ray aman-dreny miasa, ireo lalàna dia manazava ny ampahan'ny fialan-tsasatra amin'ny maha-ray aman-dreny izay tokony horaisin'ny ray na reny.

**Fifandanjan'ny asa/fiainana**

Ny Toro-marika laharana 165 mitaky ny fitadiavana ireo fomba fanatsarana ny fepetra ankapobeny momba ny asa amin'ny alalan'ny rafitra fiasana malefaka.

**05/12 Fitondrana vohoka eo amin'ny toeram-piasana**

---

**Fifanarahana ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny asa mikasika ny fitrandrana vohoka sy ny asa :**

Ny Fifanarahana voalohany (103 tamin'ny 1952) mamaritra ny fialan-tsasatra amin'ny fitondrana vohoka farafahakeliny 12 herinandro, 6 herinandro mialoha sy 6 herinandro aoriana. Saingy, ny fifanarahana farana (Laharana. 183 tamin'ny 2000) mitaky fa ny fialan-tsasatra nohon'ny fitondrana vohoka dia farafahakeliny 14 herinandro, anatin'izany ny fe-potoana enina herinandro tsy maintsy hialana sasatra aorian'ny fiterahana.

*Madagasikara tsy mbola nankatò ireo Fifanarahana voalaza ireo.*

**Fitsaboana ara-pahasalamana maimaim-poana**

Mandritra ny fitondrana vohoka sy ny fialantsasatra mifandraika amin'izany, tokony manana zò hahazo fitsaboana sy fizaham-pahasalamana amin'ny fitondrana vohoka tsy misy sarany amboniny.

**Tsy fisian'ny asa mitera-doza**

Mandritra ny fitondrana vohoka sy fampinonoana, tokony tsy hampiasaina amin'ny asa mety hitera-doza ho an'ny reny na ny zazakely.

**Fialan-tsasatra amin'ny fitondrana vohoka**

Ny fialan-tsasatra amin'ny fitondrana vohoka dia tokony maharitra 14 herinandro.

**Vola miditra**

Mandritra ny fialan-tsasatra amin'ny fitondrana vohoka, ny vola miditra aminao dia farafahakeliny tokony ho roa ampahatelon'ny karamanao teo aloha.

**Fiarovana amin'ny fandroahana**

Mandritra ny fitondrana vohoka sy ny fialan-tsasatra mifandraika amin'izany, voaharo amin'ny fandroahana na fomba fitondranana manavakavana ianao.

**Zò hiverina amin'ny asa teo aloha**

Ny mpiasa vehivavy dia manana zò hiverina amin'ny asa nosahaniny teo aloha na mitovy aorian'ny nandraisana ny fialan-tsasatra

**Fakana aina fohy hampinonoana**

Aorian'ny fiterahana sy fiveranana amin'ny asa, tokony hahazo fiatoana fohy handraisa-karama hampinonoana ny zanaka.

**06/12 Fahasalmana sy aro loza amin'ny asa**

---

**Fifanarahana ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny asa mikasika ny fahasalamana sy ny aro loza amin'ny asa :**

Ny ankamaroan'ireo Fifanarahana ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny asa mikasika ny fahasalamana sy aro loza amin'ny asa dia mijery ireo loza mety hitranga manokana ho an'ny fiarovana momba ny asa, ohatra ny amianty sy ny akora simika. Ny Fifanarahana 155 Convention sur l'Inspection du travail : 81 (1947)

*Madagasikara nankatò ny Fifanarahana 081.*

**Hetsika avy amin'ny mpampiasa**

Ny mpampiasa anao, tsy misy fitanilàna, dia tokony hanao ny fomba rehetra tsy hampidi-doza ny fomba fiasana na famokaana.

**Aro loza maimaim-poana**

Ny mpampiasa anao dia tokony hanome maimaim-poana ny akanjo aro loza sy ireo fiarovana hafa ilaina amin'ny fiarovana.

**Fiofanana**

Ianao sy ny mpiara-miasa dia tokony handray fiofanana amin'ny endriny rehetra momba ny aro loza sy ny fahasalamana mifandraika amin'ny asanareo ary ny fivoahana raha misy loza dia tokony hampahafantarina.

**Fomba fisafoana ny asa**

Ahafahana mitandro ny fiarovana sy ny fahasalamana eo amin'ny toeram-piasana, tokony hapetraka fomba sy rafitra anivo, manana fahaleovan-tena sy mahomby hanao fisafoana sy fanaraha-maso na hiadidy ny asa.



**07/12 Asa sy aretina****Fifanarahana ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny asa mikasika ny aretina sy ratra arak'asa :**

*Fifanarahana 102 (1952), Fifanarahana 121 (1964) sy 130 (1969) mikasika ny fiahina ara-tsosialy, ny tambim-bola raha sendra ratra arak'asa sy fitsaboana ara-pahasalamana sy tambim-bola raha aretina.*

*Madagasikara tsy mbola nankatò ireo Fifanarahana voalaza ireo.*

**Vola miditra raha sendra aretina**

Ny zònao amin'ny asa sy fidiram-bola dia tokony harovana raha misy aretina mitranga. Ny lalàna nasionaly dia milaza fa ny tambim-bola raha sendra aretina dia tsy afaka hefaina mandritra ny 3 andro voalohany tsy hiasana.

**Vola miditra farany ambany**

Farafahakeliny, tokony handray vola ianao mandritra ny 6 volana voalohany hisian'ny aretina. Io vola raisina io tokony hahatratra farafahakeliny 45%ny karama farany ambany. (Ny firenena tsirairay manana fahafahana malalaka hametraka fomba hafa hiantohana ny 60%ny karama farany mandritra ny 6 volana voalohany hisian'ny aretina na mandritra ny taona voalohany). Tokony hanana zò ianao hahazo fitsaharana nohon'ny aretina ka handraisana-karama.

**Fiarovana ny fiasàna**

Mandritra ny enim-bolana voalohany hisian'ny aretina, tsy azo atao ny mandroaka ny olona marary mbola eo am-perinasa.

**Vola homena raha tsy afa-miasa**

Raha tsy afa-miasa intsony nohon'ny aretina arak'asa, tokony handray vola ho honitra ambony kokoa. Raha sendra tsy afa-miasa intsony/na tsy fahafaha-miasa voafetra na tanteraka, ny mpiasa dia tokony handray farafahakeliny 50%ny karamany, saingy raha sendra ratra mahafaty, ny fianakaviana velona dia afaka mandray 40%ny salan'isan'ny karama raisin'ilay mpiasa nodimandry mandritra ny fandoavam-bola efa voalamina.

**08/12 Fiahiana ara-tsosialy****Fifanarahana ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny asa mikasika ny fiahiana ara-tsosialy :**

*Fiahina ara-tsosialy (fenitra farany ambany) : Fifanarahana 102 (1952). Ho an'ny tolotra fiahina somary avo, izay feran'ireto Fifanarahana manaraka ireto*

*Tolotra fiahina noho ny loza arak'asa : Fifanarahana 121 (1964),*

*Vola raisina raha tsy afa-miasa intsony nohon'ny aretina, fisotron-dronono sy vola raisin'ny fianakaviana velona : Fifanarahana 128 (1967)*

*Fitsaboana ara-pahasalamana sy tambim-bola nohon'ny aretina : Fifanarahana 130 (1969)*

*Vola fanome raha tsy an'asa : Fifanarahana 168 (1988).*

*Madagasikara tsy mbola nankatò ireo Fifanarahana voatanisa ireo.*

**Zò handray fisotron-dronono**

Anatin'ny zava-misy ara-dalàna, ny taona voafetra hahazoana fisotron-dronono dia tsy mihoatra ny 65 taona. Raha voafarirea fa ny taona ho fisotron-dronono dia mihoatra ny 65 taona, tsy maintsy jerena manokana ny "fahafahan'ilay zokiolona miasa" ary "ireo mason-tzivana ara-demografia, ekonomika, sosialy izay faritan'ny sampan-draharaha momba ny antontan'isa (statistika)". Ny fisotron-dronono raisina dia ferana araky ny isan-jaton'ny taona farany ambany na ny isan-jaton'ny karama noraisina.

**Tolotra fiahiana ho an'ny olona hiandraiketana**

Raha sendra fahafatesana mitarika amin'ny fanohanana ny fianakaviana, ny vady lahy/vavy sy ny zanaka dia manana zò handray tolotra fiahina, voakajy amin'ny isan-jaton'ny karama farany ambany, na isan-jaton'ny karama noraisina. Io vola raisina io dia tokony manome 40%ny karama voafaritra ho raisina hikajiana izany.

**Vola fanome ho an'ny tsy an'asa**

Ho an'ny fahalavam-potoana voafetra, ny tsy an'asa manana zò handray vola amin'ny fanjakana amin'ny maha-tsy an'asa izay ferana amin'ny isan-jaton'ny karama farany ambany na isan-jaton'ny karama noraisina.

**Fitsaboana ara-pahasalamana**

Ny mpiasa sy ny fianakaviany dia tokony hahazo fitsaboana ara-pahasalamana farafahakeliny tena ilaina amin'ny vidiny mirary.

**Tolotra fiahiana raha tsy afa-miasa**

Ny tolotra fiahina raha sendra tsy afa-miasa dia homena raha ny olona mahazo fiantohana dia tsy afaka manao asa ahazoan-karama, alohan'ny taona ara-dalàna voafaritra ho fisotron-dronono, nohon'ny tranga maharitra ela tsy arak'asa mitarika aretina, ratra na tsy fahafaha-miasa. Ny tolotra fiahiana nohon'ny fahafahana miasa dia tokony hanome farafahakeliny 40%ny karama voafaritra ho raisina hikajiana izany.

**09/12 Fikarakarana mitovy eo amin'ny sehatry ny asa****Fifanarahana ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny asa mikasika ny fikarakarana mitovy amin'ny asa :**

*Ny Fifanarahana 111 (1958) mitanisa ny anton'ny fanavakavahana tsy azo atao.*

*Ny Fifanarahana 100 (1952) maneho ny Karama mitovy ho an'ny asa mitovy.*

*Madagasika nankatò ireo Fifanarahana roa ireo.*

**Karama mitovy**

Eo amin'ny toeram-piasana, tokony hisy ny karama mitovy ho an'ny lahy sy ny vavy ho an'ny asa mitovy, izay tsy miankina amin'ny zavamisy momba ny fanambadiana. Ny tsy fitovian-karama miankina amin'ny firazanana, ny volon-koditra, ny maha-lahy/vavy, ny finoana, ny firehana ara-politika, ny zòm-pirenena/toerana nahaterahana na fiaviana ara-tsosialy dia voarara. Tokony hisy fomba mangaraharaha sy fifandraisana mazava eo amin'ny karama sy ny andraikitra arak'asa atao mba hialàna amin'ny fanavakavahana amin'ny karama.

**Sotasota ara-nofa**

Ireo Fifanarahana ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny asa dia tsy ahitana andinin-dalàna mazava. Saingy, ny fampitahorana/sotasota ara-nofa dia miendrika ho fanavakavahana amin'ny maha-lahy sy vavy.

**Tsy fanavakavahana**

Tsy tokony ho voan'ny fanavakavahana avy amin'ny mpampiasanao ianao amin'ireto tranga fanàmorana ny fahazoana asa ireto (fandraisana mpiasa, fampison-drotana, fiofana, fiovana toeram-piasana) miainga amin'ny firehana sendikà na fandraisana anjara amin'ny hetsika sendikà, fametrahana fitarainana manoloana ny mpampiasa, ny firazanana, ny volon-koditra, ny maha-lahy/vavy, ny fanambadiana, ny andraikitra ara-pianakaviana, ny fitondrana vohoka, ny finoana, ny firehana ara-politika, ny zòm-pirenena na fiaviana ara-tsosialy, ny fitsaharana amin'ny fotoana fohy amin'ny asa noho ny aretina, ny taona, ny maha-mpikambana sendikà, ny tsy fahafaha-miasa noho ny tsimok'aretina SIDA, na tsy fiasana nohon'ny fakan'aina amin'ny fitondrana vohoka. (Fifanarahana 111, 156, 158, 159, 183).

**Zò hiasa**

Ny olona tsirairay dia manan-jò hiasa ary tsy tokony hisy fanavakavahana arak'asa miankina amin'ny maha-lahy/vavy azo

**10/12 Fampiasana ankizy****Fifanarahana ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny asa mikasika ny fampiasana ankizy :**

*Fe-taona farany ambany : Fifanarahana 138 (1973)*

*Asa amin'ny endriny ratsy sy mambotry : Fifanarahana 182 (1999)*

*Madagasikara nankatò ireo Fifanarahana ireo.*

**Ankizy latsaky ny 15 taona**

Eo amin'ny toeram-piasana, ny ankizy tsy afaka terena hanatanteraka asa mety hisy fiantraikany ratsy eo amin'ny fahasalamany, ary manelingelina ny fitomboan'ny vatana sy ny saina. Ny ankizy rehetra dia tokony handeha an-tsekoly. Rehefa voaaro ny fandehanana an-tsekoly, tsy voarara ny fanatanterahana asa maivana ho an'ny ankizy 12 hatramin'ny 14 taona. Ny fe-taona farany ambany ankepobeny dia 15 taona, saingy misy ireo firenena an-dalam-pandrosoana mametra ho 14 taona. Ny fe-taona farany ambany amin'ny asa mampitatao loza, ny asa mitera-doza amin'ny fahasalamana, ny fiarovana na ny toe-tsain'ny ireo tanora dia 18 taona. Amin'ny tranga hafa, afaka ferana ho ambany kokoa izany fe-taona izany, izany hoe 16 taona.

**Asa mampitatao loza**

Ireo ankizy dia tsy tokony hampiasaina amin'ny asa mety hitera-draty amin'ny fahasalamana, fiarovana sy ny toe-tsain'ny ankizy. Io asa mampitatao loza io dia anisan'ireo asa farany izay ratsy amin'ny fampiasana ankizy. Ny fe-taona farany ambany ho an'ny asa mampitatao loza dia 18 taona.

**11/12 Asa anterivozona**

---

**Fifanarahana ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Asa mikasika ny asa anterivozona/fanompoana :**

*Asa anterivozona : Fifanarahana 29 (1930)*

*Fanafoanana ny asa anterivozona : Fifanarahana 105 (1957)*

*Ny asa anterivozona dia asa tsy maintsy tanterahina nohon'ny fampitahorana ny fanasaziana : fahaverezana asa, fandroahana, sotasota na herisetra, ary koa famaizana ara-nofa. Ny asa anterivozona dia midika fa fandikàna ny zon'ny olombelona.*

*Madagasika nankatò ireo Fifanarahana 29 sy 105 ireo.*

**Fandràna ny asa anterivorona sy antery**

Raha tsy tranga manokana, ny asa anterivozona na antery (tanterahina manoloana ny fampitahorana sazy ary tsy azo notanterahina antsitra-po) dia voarara.

**Fahalalàhana hiova asa**

Ny mpampiasa tokony hanome fahafahana anao hitady asa any an-toeran-kafa. Raha mitranga izany, tsy tokony hisy fampihenàna karama mihàtra aminao na fandrahonana amin'ny fandroahana. (Ny lalàna iraisam-pirenena dia milaza fa asa anterivozona izay tsy mifandraika amin'izany).

**12/12 Zo momba ny sendikà**

---

**Fifanarahana ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Asa mikasika ireo zò sendikà :**

*Fahalalàhana amin'ny fikambanana sy fiarovana ny zo hikambana : Fifanarahana 87 (1948)*

*Zo hikambana sy hanao fifanarahana iombonana : Fifanarahana 98 (1949)*

*Madagasika nankatò ireo Fifanarahana 87 sy 98 ireo.*

**Syndicat au travail et négociation collective**

Ireo sendikà dia manan-jò hifampiraharaha amin'ny mpampiasa mikasika ny fampiasana tsy misy sakasakana. Ny fahalalàhan'ny sendikà hifampiraharaha amin'ny mpampiasa mba ahafahana mamolavola ny fifanarahana iombonana dia voaaro. (Ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny asa dia manana fomba manokana hitantanana ny fitarainana avy amin'ny sendikà mikasika ny tsy fitandroana io fitsipika io).

**Fahafahana miditra ho mpikambana sy mamorona sendikà**

Ny fahafahana mikambana dia midika hoe fahafahana hiditra ho mpikambana anaty sendikà. Io fahafahana io dia ampahany fototra amin'ny zon'olombelona. Ireo mpampiasa dia tsy afaka homena tombotsoa latsaka raha mavitrika izy ireo anatin'ny sendikà rehefa ivelan'ny ora fiasana.

**Zo amin'ny fitokonana**

Ny mpiasa manan-jò hanao fitokonana mba hiarovana ny tombotsoany ara-tsosialy sy ekonomika. Io zo dia fanampiny sy mifandraika amin'ny zo momba ny fikambanana voalaza ao anatin'ny Fifanarahana faha-87 eo anivon'ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny

## Mikasika ny Asa Mendrika sy Decent Work Check

Ampitahao ny zava-misy hiainanao sy ny fenitra iraisam-pirenena momba ny asa ary manao ahoana ny fampiharana izany eto Madagasikara. Amin'ny fiakaran'ny lisitra fanaraha-maso dia ho hita hoe manao ahoana ny fisehoan'ny zava-misy eo amin'ny tontolo misy anao. Mety hisy ny tsara raha hampitahaina amin'ny fitsipika arosan'ny fenitra iraisam-pirenena, saingy tsy voatery ho ratsy ihany koa ny zava-misy. Isaky ny valim-panontaniana, afaka mahita fanazavana fohy ianao mikasaika ny zônao, eo amin'ny sehatra nasionaly sy iraisam-pirenena. Vokatryzany, afaka mahita avy hatrany raha misy fanatsarana afaka tanterahina.

Decent Work Check mampiseho fa azo tsapain-tanana ireo Fifanarahana sy lalàna izay sarom-patarina. Satria ny tanjona dia tiana ho fantatra mazava ny hevitra fanatanterahana ireo lalàna mikasika ny fiasana, ireo fitakiana sy ireo fiarovana ahazoana zô, raha sendra misy tranga tampoka miseho. Ny Decent Work Check dia mpiasa fomba roa hanaovana fampitahàna. Voalohany, ampitahaina ny lalàna nasionaly sy ny fenitra iraisam-pirenena momba ny asa ary manome isa amin'ny zava-misy nasionaly (sary hafaliana na malahelo). Manampy ny mpiasa izy hanao fampitahàna ny zava-miseho marina amin'ny lalàna nasionaly. Manaraka izany, ny mpiasa dia mampitahà ny totalin'isa azony eo amin'ny sehatra nasionaly sy iraisam-pirenena. Ny Decent Work Check dia mifototra amin'ny fehezan-dalàna momba ny asa, araka ny voalaza amin'ny Lalàna fototra momba ny asa. Ny fampiharana marina dia tarihin'ireo mpiasa. Io fanamarinana io dia hafa mihoatra ireo sanda hafa, toy ny maridrefy amin'ny Doing Business ataon'ny Banque mondiale, na koa ireo Programa fiahiana ara-tsosialy ataon'ny ISSA maneran-tany, ary hita fa tsy fitantarana fotsiny izany (tsy ahitana fomba fijery tsy misy tanjona), fa kosa maharakotra singa maro be. Ny Decent Work Check navaozina dia novokarina koa tamin'ny fijerena manokana ireo maridrefy vaovao momba ny asa mendrika. Raha mifantoka amin'ny antontan'isa kokoa ny maridrefy momba ny asa mendrika, ny laharam-pahameana ho anay dia ny mampahafantatra amin'ny mpiasa ireo zôny amin'ny alalan'ny Decent Work Check, izay ilain'ny mpiasa sy ny mpampiasa. Manome azy ireo ny fahalalàna izay dingana voalohany mankany amin'ny fanatsarana. Mampahalàla ny mpiasa ny zôny eo amin'ny toeram-piasana ary koa manazava ny mpampiasa ireo adidiny. Decent Work Check ilaina koa ho an'ireo mpikaroka, ireo fikambanana miaro ny zô momba ny asa izay manao fanadihadiana momba ny zava-misy manodidina mikasika ny zô momba ny asa ary ny daholobe mitady fahalalàna misimisy momba ny tontolon'ny asa.

Ny ekipan'ny WageIndicator, maneran-tany, dia nahita fa ny mpiasa, ny mpampiasa madinika sy ny mpiadidy ny asa dia tsy mahalala akory ny Zô momba ny asa.

Rehefa mahazo vaovao, - na mpiasa, mpiasa-tena, mpampiasa, mpandray fanapahan-kevitra, mpiadidy ny asa - mety hisy tranga maro mety hanontaniana ny zôny (amin'ny maha-mpiasa), mety hanajàna ny fitsipika (amin'ny maha-mpampiasa) ary miezaka mba hampihatra izany fitsipika izany (amin'ny maha-mpiadidy ny asa). Rehefa feno ny DecentWorkCheck, ho hitanao ireo teboka mbola mila fanatsarana eo amin'ny fiainanao arak'asa. Izany indrindra ny paik'ady apetraky ireo dinika eo amin'ireo firenena maro amin'ny WageIndicator. Anatin'ireo dinika ataon'ny olona manodidina ny 20 hatramin'ny 30 isa manodidina ny latabatra amin'ny andaniny rehetra, ny Decent Work Check dia mitarika haingana amin'ny dinika ara-tsosialy. Ireo mpitarika ny dinika koa dia maharaka vaovao tsara.

Ireo fenitra iraisam-pirenena momba ny asa dia voalaza ao anatin'ireo Fifanarahana ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Asa, izay masoivoho miasa manokana momba ny asa eo anivon'ny Firenena Mikambana ary nijoro tamin'ny taona 1999. Eo anivon'ny OIT, ireo fifampiraharana dia mitohy hatrany eo amin'ny governemantan'ny Firenena mpikambana, ny sendikà nasionaly sy ny fikambanan'ny mpampiasa, mikasika ireo fanontaniana mifandraika amin'ny asa, toy ny zôn'ny asa sy ny fiahina ara-tsosialy. Ireo fifampiraharana ireo dia mety maharitra taona maro, fa amin'ny farany mitondra any amin'ny atao hoe Fifanarahana na Toromarika. Ao anatin'ny Fifanarahana, ireo fenitra farany kely no velabelarina. Ireo Fifanarahana ireo dia tsy lalàna, saingy ny tanjona kendrena dia ireo Firenena mpikambana dia mankatò ny fenitra noraisina. Ny fomba tsara ahafahana mahatonga amin'izany dia ny fandresen-dahatra ireo parlemanta hankatò ireo Fifanarahana ireo, ary aorian'izay mamolavola ireo lalàna nasionaly (misy firenana hafa afaka manaraka ny fomba fifanekena azo hampiharina avy hatrany). Ny lalàna nasionaly dia azo hampiharina. Ny Fifanarahana ny OIT amin'ny ankapobeny dia arahaina Toromarika amin'ny fomba ahafahana mampihatra ireo fenitra.

Hatramin'ny 1999, ny OIT dia miasa araka ny voalaza ao anatin'ny atao hoe "Agenda du Travail Décent" na (Diarin'ny Asa Mendrika). Mandritra izany, ny "Agenda du Travail Décent" dia nankatoavin'ny rehetra ho paik'ady mafonja hiadina amin'ny fahantrana ary mamproborobo ny fampandrosoana. Ny "Agenda du Travail Décent" dia nampidirina ao anatin'ny Tanjon'ny Taonjato fahatelo ho an'ny fampandrosoana tohanan'ny Firenena Mikambana. Raha fintinina, ny hevitra fonosin'ny Asa Mendrika dia ny hoe fidiram-bola ahafahana miaina tsara ho an'ny olona miasa. Ankoatr'izany, eo amin'ny sehatry ny asa, ny tsirairay dia tokony hanana vintana mitovy hahafahany mivelatra; ireo fepetra momba ny asa dia tokony harovana; tsy tokony hisy fampiasana ankizy sy ny asa anterivozona/fanampoana; ary tsy hisy fanavakavahana. Ary ireo sendikà tokony hanana zô marina amin'ny fandraisana fitenenana amin'ireo raharaha mifandraika amin'ny asa ary ny Fanjakana dia tokony hametraka ny fiahina ara-tsosialy ho an'ny rehetra, singanina manokana ireo marary, osa, zokiolona ary ireo vehivavy mitondra vohoka.

Lahatsoratra novokarin'i : WageIndicator.org sy Iftikhar Ahmad

30 Oktobra 2012